


Tsy ho foana
ny FANANTENANA



FANOROAN-TAKILA

- 1- Nahafahako n'aina finaritra toy ny olona rehetra ny fahazahoako fitsaboana ara-potoana 1
 - 2- Fandraisana ny sida ho toy ny aretina rehetra 3
 - 3- Tsy fahampian'ny fampahafantarana momba ny fandraisana an-tanana ho an'ny olona mitondra ny tsimok'aretina VIH 4
 - 4- Fisalasalana teo amin'ny fandraisana fanapaha-kevitra no mahatara ny fandraisana an-tanana ankapobean'ny 6
 - 5- Tsy fanekena sy ny tsy finoana ny fisian'ny VIH dia anisan'ny mety ahamoizana ny zanaka iriana 9
 - 6- Fanirina mafy ny ho renim-pianakaviana sy ny tsy fikajiana ny tsiambaratelo 11
- 
- 7- Firaisana ara-nofo tsy voaaro sy ny VIH 12
 - 8- VIH sy ny fiovam-pitondratena 14
 - 9- Raim-pianakaviana vonona ny hiantoka ny hoavin'ny ankohonany
 - 10- VIH sy ny tontolon'ny asa



"Noho ny fanajana sy ny fikajiana ny tsiambaratelon'ireo izay nijoro ho vavolombelona, dia nisy ny fanovana natao eo amin'izay mahakasika azy ao amin'ny tantara."

En collaboration avec



MSANP

Le Projet de Renforcement du Programme de Prévention du VIH/sida de l'Agence Japonaise de Coopération Internationale et le Programme National de Lutte contre les IST/SIDA



1- Nahafahako niaina finaritra toy ny olona rehetra ny fahazahoako fitsaboana ara-potoana

“Vehivavy 46 taona, mpikarama, manan-janaka 3, vita fitiliana ny taona 2008”

Fito taona lasa izay, nandritra ny taona roa teo ho eo dia nifandimby nahazo ahy ny karazana aretina maromaro (Fanaviana, tazo, kohaka, fivalanana, sns). Niezaka nitsabo hatrany aho, ary maromaro mihitsy ny fanafody novidiana, fa zary ho fampitoniana fanaintainana fotsiny ihany ireny fa dia miverina indray ireo trangan'aretina ireo afaka andro na volana vitsivitsy. Nihareraka aho, reko hoe nihakely hery miandalana teny vokatr'izany aretina rehetra izany. Nanomboka tsy afaka niasa firy intsony aho, “coiffeuse” no asako tamin'izany. Nanambady aho fa saingy tao anatin'izay fotoana nampaharary ahy naharitra izay indrindra koa no fotoana nisarahanay mivady. Dia niara-niaina tamin'ny zanako teny sisa, sady nitsabo tena, izay niafara tamin'ny fidirana hôpitaly mihitsy. Nandritra izay fitsaboana nataoko teny amin'ny tobim-pitsaboana izay no nilazan'ny mpitsabo tamiko fa : “Mampiahiahy ahy hoy izy ny aretina mahazo anao, ka vonona ve ianao raha ampanaoviko ny fitiliana VIH/sida?”, na izaho koa aza tamin'io fotoana io efa mba vaka koa ny saiko nahita ny toe-pahasalamako toa miharatsy hatrany. Dia namaly azy aho hoe “Vonona aho, Tompoko!” Nanaiky antsitraro aho na dia tsy mbola fantatro mazava akory aza izay momba momba izany VIH/sida izany. Fa te ho sitrana e! Toa hadinoko tanteraka ny fisainana izany hoe : misara-panambadiana izany, fa izay hahasitrana ahy no tena nibahana tao an-tsaiko.

Tsy dia naharitra ela dia nivaly ny fitiliana nataoko, ka teo no nanambarana tamiko fa mitondra ny tsimok'aretina VIH aho. Niezaka tokoa ny mpitsabo tamin'izay nampahery ahy izay efa tena reraky ny aretina; sanatria ilay atao hoe efa ambava-haonan'ny fahafatesana tamin'izany. Feno dia feno ny alaheloko, ary dia nitomany tsy laitra nampahanginina mihitsy aho, ary dia safotra mihitsy aza. Tsy nanampo aho hoe ho misy an'izany na dia nisy aza ny dinidinika sy ny fanazavana momba ny VIH/sida mialoha ny fitiliana natao tamiko. Tsy nino ny saiko satria tsapako ho nanaja tanteraka ny vady aman-janako aho teo anivon'ny tokatranoko, koa nahoana aho no voan'izany?

Teny amin'ny toeram-pitsaboana ihany aho dia tsy nitsahatra ny mpitsabo nampahery, nanazava foana fa : “efa zava-dehibe ny fahalalana ny fototr'aretina mahazo anao ka azo atao tsara ny mamerina ny herinao toy ny tanjaka nanananao hatrizay, noho ny fisian'ny fanafody mifandraika amin'izany, fa mila hajaina tsara fotsiny izay torimariiky omen'ny mpitsabo”. Nanomboka teo dia tsy nanana olana intsony aho fa dia nanaiky fa miaina miaraka amin'ny VIH. Namboariko ny saiko, ary nanapa-kevitra aho ny hitsabo tena hatramin'ny farany, ary naka toro-hevitra foana tamin'ny mpitsabo sy mpikarakara ny toe-pahasalamako rehetra.

Hitako fa tena nanan-danja lehibe tamiko ny fihinanako ilay fanafody ARV satria nanjary nahazo hery aho ary tsy dia nitebiteby loatra ny ho fatin'ity VIH/sida ity toy ny teo aloha intsony; satria toy ny marary rehetra mihinam-panafody tsy tapaka ireny ihany no fiheverako ny tenako.

Nihezaka aho ny tsy manapatapaka ny fihinana izany fanafody izany nanomboka ny 2009 ka hatramin'izao. Raha sendra tapaka kely ny fihinanako io fanafody io dia reko reraka avy hatrany ny vatako ary tsy mahavita na inona nainona mihitsy. Matahotra be aho raha sendra hadinoko ny mihinana ARV. Efa manana ora voatondro mihitsy aho amin'ny fihinana azy. Efa nisy ihany fotoana nanapahako kely ny fandraisana ny fanafody, izay noho ny antony tsy niankina tamiko, fa noho ny tsy fisian'ny ARV mihitsy tao amin'ny toeram-pitsaboana ahy, na ny teto Madagasikara no marimarina kokoa. Nandritra ny 15 andro aho tsy nihinana fanafody, fa tsy dia nampiova loatra ny toe-pahasalamako, izay efa nahazo tanjaka tsara. Sady izay koa aho vao nanapaka. Ary efa mitohy tsara izany hatramin'izao. Vokatry'izany fanajana tsara ny fihinanako fanafody ARV tsy tapaka izany dia manana "charge virale indetectable" aho izao hatramin'ny 2010 ka mandraka ankehitriny.

Salama tsara aho ankehitriny ary afaka miasa tsara toy ny olona rehetra ihany. Eo amin'ny fiainam-pitiavako dia nisafidy aho ny ho toka-tena sy hikarakara ireo zanako ireo. Ka hatramin'ny nisarahanay mivady dia tsy mihevitra ny hanambady intsony satria raha hisy hafa hiaraka amiko indray, hifankatia izahay, nefa rehefa tonga ny fotoana hilazako aminy ny marina amin'ny toe-pahasalamako, dia matahotra aho sao ahilikiliny raha vao fantany. Marihiko fa misy fotoana, indray mandeha isan-taona, mamangy ny zanany ny vadiko, tsy mihaona izahay. Izy koa efa manambady raha teo. Ary tsy fantany sady tsy mbola nosainiko ny hampahafantatra azy koa izay maha PVVIH ahy izay. Fa mbola hotazoniko ho tsiambarateloko samirery izany, efa ho 5 taona izao. Nandritra ny fanambadianay dia nisy ny fanitsakitsahan'ny vadiko ahy.

Manolona izao fiainako miaraka amin'ny tsimok'aretina VIH izao, dia ireo mpitsabo namako, ny reniko sy ny iray tampo amiko izay akaiky ahy no hany izarako izany. Mampahery ahy foana izy ireo, izay isaorako indrindra. Ny hany tenin'ny reniko dia : "Mitsabo tena tsara, fa toy ny aretina rehetra ihany io, araho tsara izay toromarika omen'ny mpitsabo anao". Eo koa ny zanako izay 15, 13, 11 taona izay mbola tsy mahalala koa izany toe-pahasalamako izany. Ao an-trano dia hitany foana aho rehefa mihinana fanafody, dia manontany ihany izy ireo fa lazaiko aminy fa aretim-po no hihinanako io fanafody io, izay marihiko tokoa fa tena manana aretim-po koa aho.

Ny sosokevitra omeko ho an'ireo namako izay mitovy amiko dia aza kivy, tontosao tsara ny toromariky ny mpitsabo, amin'ny fihinana ny fanafody tsy tapaka, fa io no fototry ny fahavelomantsika, ary ahafahantsika miaina toy ny olona rehetra ihany; eo ny fanohizana tsy tapaka koa ny fizaham-pahasalamana tsy maintsy atao isaky ny telo-volana, any amin'ny mpitsabo voahofana manokana momba ny tsimok'aretina VIH/sida miandraikitra anao.

Mila manankina ny ho avy rehetra koa eo amin'ny Tompo. Mivonona hifanampy sy handresy, ka hanohitra ny fiparitahan'ny tsimok'aretina VIH/sida. Manentana antsika rehetra mpiara-monina koa mba hanao fitiliana mialoha, mba ahafantarana ny toe-pahasalamantsika sao dia efa diso tara, fa tena misy ny aretina sida eto Madagasikara.”

2 -Fandraisana ny sida ho toy ny aretina rehetra

“Lehilahy 43 taona, vita fitiliana ny volana octobre 2007”

“Taona vitsy lasa izay dia nandalo tsy fahasalamana ny tenako, ka lasa namonjy toeram-pitsaboana. Teo ampiandrasana ilay mpitsabo dia nahasarika ny masoko ny nahita soratra amin'ny peta-drindrina fa manao fitiliana ny VIH/sida sy Farasisa maimai-poana ato. Tonga ny fotoana nandraisan'ilay dokotera ahy dia nandroso aho ary nolazaiko azy izay aretina nahazo ahy. Rehefa vita ny fizahana nataony dia nomeny fanafody mifanaraka amin'izay aretiko aho. Avy eo dia nanontany azy aho hoe : “Izaho ve afaka manao ny fitiliana VIH/sida io?”. Dia namaly izy fa afaka manao izany tokoa aho. Teo dia nampahafantariny ahy izany atao hoe : VIH/sida, sy ny mombamomba azy, avy eo dia niroso avy hatrany tamin'ny fakana ny rà ho tiliana. Telo andro taty aoriana aho no nasainy niverina tamin'izay naka ny valiny. Tonga tokoa aho tamin'ny fotoana nifanomezana, ary tamin'izay fotoana izay no nanambarany tamiko fa tsy misy ny Farasisa aho, fa kosa misy ny tsimok'aretina VIH/sida tamin'ny fitiliana natao. Raha vao nahare io aho dia tsy taitra firy fa gaga, ka nanontany tena hoe: “aretina inona izany?” Marihiko fa izaho nanao fitiliana io vao mba nahalala ny mombamomba ny VIH/sida izany.

Ny taona 1996 ka hatramin'ny 2003 aho no nanao relijiozy. Niezaka ihany ilay mpitsabo nandray ahy nanazava hatrany ny momba io aretina io sy izay tokony hataoko. Misy olona hoy izy afaka hanampy sy hikorakara anao fa tsy misy tokony hatahoranao. Iny andro iny ihany aho dia nahazo ny mpitsabo saha ahy amin'izay maha olona miaina miaraka amin'ny VIH ahy izay. Noraisiny soamantsara aho na dia mbola tao anatin'ny fametrahan-panontaniana betsaka tato anatiko. Nomeny ahy avokoa ny teny fampaherezana, ny fahalalana rehetra tokony ho fantatro manodidina ny VIH/sida, sy izay tsy maintsy hatao mba hanàna fahasalamana tsara mandrakariva sy ahafahana miaina toy ny olona rehetra. Nisy ny “analyse” maro natao teo noho eo ihany. Nampahafantariny ahy fa misy ny fanaraha-maso ny fahasalamana tsy maintsy hatao isaky ny 3 volana. Dia nozahiko narahina antsakany sy andavany avokoa izay toromarika nomena ahy. Noho izany dia dimy taona lasa izay mbola tsy nihinana ny fanafody ARV aho satria mbola ambony ny fatran'ny hery fiarovana ato anatiko.

Amin'izao fotoana izao tsy dia ataoko mibahana manokana mihitsy ao an-tsaiko izany fiainako miaina miaraka amin'ny VIH/sida izany, fa heveriko ho toy ny aretina rehetra ihany.

Ny aretina homamiadana, fahatapahana lalan-drà, diabeta, sns aza mbola mampijaly lavitra. Miezaka aho manambony hatrany ny môraliko, fa amin'ny maha-olombelona dia indraindray mandalo fitsapana ihany, manoloana ny ady atrehina amin'ny fiainana etsy an-daniny, dia mila hanaonao foana, mitady ho tratran'ny famoizam-po. Mbola teo anefa ny maha-olon'ny finoana dia matoky aho ary tsy kivy fa misy olona hafa aza any ho any mety mijaly lavitra noho ny tenako. Ny fahitako ireo namako mitondra sy miaina miaraka amin'ny VIH ireo koa dia tena mampahery ahy.

Ankehitriny dia lasa mpanentana ny mpiara-belona amiko aho ny amin'ny tokony hanaovana fitiliana, mampahafantatra fa misy tokoa ny aretina sida eto Madagasikara ka mila miaro tena, manova fitondran-tena. Hiara-hiady amin'ny fiparitahan'ny tsimok'aretina VIH/sida. Ao anatin'izany fanentanana ataoko izany, ho tombotsoan'ny Malagasy mpiray tanindrazana amiko, indrindra ho an'ireo izay tsy mino raha tsy mahita; dia misy ny fijoroana vavolombelona nataoko eo anatrehan'ny olona izay manatrika izany fanentanana izany, indrindra fa ny tanora.

Marihiko fa ny fianakaviako, ny mpiara-monina amiko, dia tsy misy mahalala izany momba ahy izany. Fa ny namako iray ihany no nizarako izany tsiambarateloko izany. Ny taona 2011 nanao ny fitiliana ny "Epatite B" aho, dia hita fa nisy izany koa tao amin'ny rà-ko. Vaka ny saiko, fa dia inona daholo ary ity aretina mahazo ahy ity? Efa mihatra amin'ny tena moa dia tsy maintsy zakaina ary tsy maintsy mitraka. Fa nadia eo aza izany rehetra izany dia salama tsara aho izao, matanjaka ary afaka miasa tsara toy ny olona rehetra ka isaorako ny Tompo lehibe, fa noho ny famindram-pony sy ny fahasoavany no mbola mampijoro ahy.

Isaorako betsaka manokana eto ireo mpitsabo, namana, fikambanana izay tena mitaiza sy manohana tokoa ara-panahy, ara-môraly, ary ara-tsôsialy ahy.

Ny fanantenako indray andro any dia ny ahitana ny fanafody hanasitranana tanteraka ny VIH/sida. Mampahery ireo namana rehetra mitovy amiko aho, aza kivy, mahereza fa Andriamanitra manana ny hevitra iheverany antsika tsirairay avy."

3- Tsy fahampian'ny fampahafantarana momba ny fandraisana an-tanana ho an'ny olona mitondra ny tsimok'aretina VIH

"Vehivavy 40 taona, vita fitiliana ny taona 2003"

Amiko anisan'ny nanaitra ahy voalohany ny fanambaran'ny vadiko tamiko taorian'ny nanambaran'ny mpitsabo azy fa aretina sida no nahazo azy. Izy izay efa tsy salama naharitra. Ary satria moa izy no eo ampaharariana, izay niditra hopitaly tamin'io fotoana io, dia tsy maintsy aho nankahery tena teo imasony na dia reko ho feno alahelo ny foko. Niezaka nampahery azy aho satria tamin-dranomaso, fo feno alahelo tokoa no nanambarany ahy tamin'izany.

Ny fahalalana izany aretina sida izany moa tamin'izany dia midika fahafatesana. "Ho faty izany satria sida tsy misy fanafana!". Ny hany ambetin-teniny tamin'izany sady mitomany: "Mbola te hiriaria miaraka aminareo vady aman-janako aho!. Nijohy mangina koa ny ranomasoko sady niezaka nampahery azy.

Ny aretina mpanararaotra tao anatiny efa mihombo be, (stade avancé), ka na dia nitsabo sy nanao izay azony natao aza ny mpitsabo dia tsy tana intsony ny ainy. Tohina ny fo ary nalahelo tokoa izany hoe: nilaozana andry iankinana izany. Odiana tsy nosainina akory aloha izay mbola miandry ahy ny amin'izay ho valin'ny fitiliana amiko izay mbola hatao.

Teo amin'ny enim-bolana mialohan'ny nahafatesany teo no nahalalana fa aretina sida no mahazo azy, nefa telo andro alohan'ny ny ialany aina vao nahalala sy nahazo ny mpitsabo sahaza azy izy (médecin Référant). Hitako teo fa tena tsy ampy mihitsy ny fisian'ny fampafantarana eny amin'ireny hopitaly lehibe ireny ny amin'ny fisian'ny hopitaly sy ny mpitsabo voaofana sahaza ny olona marary ny aretina sida. Mino aho fa raha vao nahazo ny valin'ny fitiliana azy ny mpitsabo dia efa nandefa ilay marary any amin'ny hopitaly sy ny mpitsabo voaofana sahaza ny aretina. Mety nisy ihany izay fitsaboana sahaza azy azo mialoha ka tsy tonga tamin'ny fahafatesany.

Afaka 15 andro dia niverina tany amin'ilay mpitsabo ny vadiko aho, ka izy io indray no nampanao fitiliana ahy. Tsy dia natahotra loatra aho raha niandry ny valiny satria efa nosainiko ho toy ny valin'ny fitiliana natao tamin'ny vadiko ihany no ho hitako amin'ny maha mpivady anay, satria nisy ny fanaovana firaisana ara-nofo izay anisan'ny endrika iray hifindran'ny tsimok'aretina VIH. Niampy ny fanazavan'ny mpitsabo, dia izay tokony hataoko amin'ny fiainako, izay hiatrehako ny ho aviko sy ny zanako no efa nataoko masaka tao an-tsaiko. Andro vitsivitsy taty aoriana moa dia nahazo ny fitsaboana sahaza ahy aho ka afaka niaina toy ny olona rehetra. Miasa aho ary tsy misy olana eo amin'ny fanatanterahako izany asako izany ny fiainako miaraka amin'ny tsimok'aretina VIH.

Amin'izao fotoana izao aho dia anisan'ny mpandray anjara mavitrika amin'ny ady amin'ny fihanaky ny tsimok'aretina VIH. Mampahafantatra ireo toeram-pitsaboana lehibe fa misy ny fandraisana an-tanana : ara-môraly, ara-tsosialy, ara-medikaly hoan'ny olona miaina sy mitondra ny tsimok'aretina VIH. Tena miezaka ihany koa manampy ny namana izay efa miaina sy mitondra ny tsimok'aretina VIH, mba tsy ho tara fitsaboana amin'ny fitsaboana sahaza azy ara-potoana. Tsy afaka ao an-tsaiko foana ny hoe: "tsy anjara izany no nahafaty ilay vadiko araky ny filazan'ny olona foana, fa noho ny tsy fahampian'ny fampahafantarana teo amin'ilay toeram-pitsaboana, eny amin'ny fiaraha-monina". Eny, tsy ho azoko atao intsony ny hampiverina ny maty, fa hataoko hery ho ahy ny fanampiano ny mpiara-belona amiko, indrindra ireo izay mitondra sy miaina amin'ny tsimok'aretina VIH, hahazo ny fitsaboana sahaza mialoha ary ho lavitry ny fahafatesana.

Eny, taty aoriana dia azo lazaina ho efa misy sy ampy izany fampahafantarana eo anivon'ny fiaraha-monina sy ny toeram-pitsaboana izany.

Ny hany mba hafatro dia tsara ny mahafantatra ny teo-batantsika tsirairay avy mialoha, ka manasa antsika rehetra hanao fitiliana, indrindra ireo izay efa tsy salama, tsy metimety naharitra ny toe-pahasalamany, taona iray na maromaro ianao lazoin'ny aretina, dia mba ezaho ny manao fitiliana VIH, izay an-tsitrapo ny fanaovana azy. Ny aretina mpanararaotra (kohaka, fivalanana, tazo, sns), vokatry ny fandripahan'ny tsimok'aretina VIH ny hery fiarovana ao anatintsika, dia azo sitranina tsara, indrindra ny tazo. Tsy ho voatery ho ny tazomoka ihany no mahatonga tazo eo amintsika fa ny tazo koa dia miseho rehefa misy ny infection ao anaty, vokatry ny fandripahan'ilay VIH ny hery fiarovana. Ao anatin'ny herintaona ohatra ianao iverenan'ny tazo maromaro dia mila mandini-tena, mba tsy ho reraka miandalana eny, ny vola ho lany, eny mety ho very asa mihitsy aza fa marary lava. Fa amin'ny fotoana hisehoan'ireo aretina voalaza ireo miaraka amin'ny olona iray dia tsy zakany izany, ka dia mety hiafara amin'ny fahafatesana. Mba tsy ho tara, fantaro izay tena mahatonga io aretina miverim-berina io. Mety ho anisan'ny mahatonga io ny fisian'ny tsimok'aretina VIH ao amin'ny rà.

Mbola maro ny mpitsabo, tsy mahafantatra tsara ny momba ny aretina sida ka na dia miverimberina eo aminy aza ianao amin'ny aretina iray, tsy hosaininy mihitsy ny hampanao fitiliana VIH anao, fa isika marary mihitsy no mila mandray andraikitra ny fahafantarantsika izay tena fototr'aretina misy. Sarobidy ny fahasalamana, ary ny aretina rehetra dia mety ho mpahazo ny olona rehetra ka aoka tsy hisalasalana isika hanao fitiliana.”

4- Fisalasalana teo amin'ny fandraisana fanapaha-kevitra no mahatara ny fandraisana an-tanana ankapobean'ny

“Vehivavy 24 taona, manambady, vita fitiliana ny taona 2012”

“Nitondra vohoka ny zanako faha-4 aho no nanao fisafoana tamin'ny tobim-pahasalamana iray. Mba ho fahasalamana ho an'ny zaza ao an-kibo sy ny reniny, dia nisy ny fanentanana hanaovana ny fitiliana ny VIH/sida. Ary satria ho amin'ny tombotsoa ho anay mianaka dia nanaiky aho niroso tamin'ny fitiliana. Tsy ela dia nivaly ny fitiliana, ka hita tamin'izany fa anisan'ireo olona mitondra sy miaina amin'ny tsimok'aretina VIH/sida aho. Teo amin'ny faha 5 volan' ny kiboko io fotoana io. Tsy dia naharotitra ahy loatra ny fandrenesana izany, satria tsy dia mahay loatra momba izany VIH /sida izany aho hatrizay. Reko foana izany teny hoe : “sida, aretina sida “fa tsy nahasarika ny saiko fa toy ny firesaky ny olona andavan'andro fotsiny ihany no fiheverako azy. Nohenoiko tsara fotsiny izay nolazain'ny mpitsabo tamiko teo, narahiko izay nolazainy. Nanazava tamiko ny momba momba izany VIH/sida izany ny mpitsabo,

ary nampahafantariny ahy fa misy mpitsabo hafa voahofana manokana afaka handray an-tanana ny amin'ny fitsaboana. Tsy naharitra ela akory fa andro vitsy taty aoriana dia tafahaona tamin'ilay mpitsabo hafa aho amin'izay maha-reny mitondra vohoka ahy miaina miaraka amin'ny VIH. Nony tonga tao aho dia mbola nomeny ahy indray ny fanazavana momba ny VIH/sida, sy izay tokony hataoko hananako fahasalamana tsara. Misy hoy izy ny "Analyse" maromaro ireto tokony hataonao, mialohan'ny hanomezana ny fanafody ARV ho anao, dia ento aty amiko miaraka aminao koa ny vadinao ho zaham-pahasalamana. Nisy fotoana voatondro nomeny tamin'io fotoana io. Dia nisaraka teo izahay. Nony tonga tany an-trano aho dia tsy afaka tonga dia niresaka tamin'ilay vadiko mihitsy, satria mamo izy, ary izy rehefa toy izay dia manahirana be ny miresaka aminy. Izy dia olona misotro. Ary raha nisy ny fotoana nahafahana niresaka nilamina taminy momba ny toe-pahasalamako dia tsy mino izy fa misy izany, ary tsy nety nandeha mihitsy izy ho any amin'ny dokotera araka ny hafatra nomena ahy. Nisy fotoana aza aho rehefa tezitra loatra taminy ka sendra mifamaly izahay rehefa mamo izy dia lasalasa ny vavako "ianao mihitsy no mitondra aretina ato amin'ity toaka toaka ity". Rehefa tsy nety nandeha foana izy dia tsy sahy koa aho nandeha hiverina irery tany amin'ny dokotera fa sao bedy. Ny fahatahorako ny dokotera no be tao an-dohako dia tsy nasiako resaka intsony. Teny... teny, jereko ihany ny tenako toa salama ny fijeriko azy na dia somary misy harerahana kely ihany indraindray. Ilay vadiko no nikohakohaka, nanavy aza indraindray, fa noheveriko ho noho fisotroana efa ho isan'andro. Samy miasa izahay, fa tsy maharaka ny fivelomanay ny karamanay izay tsy dia be loatra. Izaho dia anisan'ny vehivavy tsy dia niaina loatra tamin'ny tokatrano milamina fa dia misy disadisa foana eo aminay mivady. Hany ka zary toa variana ny amin'izany gidragidra sy ny adim-piainako izany aho. Tsy nosainiko tao antsaiko ny fisian'izany VIH izany ato anatiko.

Nandeha ny andro sy ny volana, tonga ny fotoana, nihetsi-jaza aho. Ilay toeram-pitsaboana misy ilay dokotera mandray an-tanana ahy amin'ny maha olona mitondra sy miaina miaraka amin'ny VIH ahy dia misy toeram-piterahana. Izay tokony nalehako, fa noho ny tahotro azy, dia tsy niverina tany intsony dia naleoko nisafidy namonjy toeram-piterahana hafa tamin'io fotoana efa maika io. F'angaha tsy raharaha, nisy ilay carnet fisafoana nentina foana. Tsy mba nasiako maso mihitsy izy iny fa dia entiko foana dia izay soratan'ilay mpampisafo ao tsy nojereko akory. Ka vao vatany vao tonga tao amin'ilay toerampi-terahana aho tamin'io fotoana io dia nojeren'ireo mpampivelona tao ilay carnet, dia tao no nahitany soratra nataon'ilay dokotera tery aloha ny amin'ny fotoana hanaovana Analyse mialoha ny hanombohana ny ARV. Teo ny hoe ihany aho dia nasainy niverina haingana dia haingana namonjy ilay dokotera tery aloha. Ny kibo amin'io miha-manaitra ihany. Dia tsy maintsy nandeha ihany e! Nony tonga tany dia ny nahatongavana teo amin'ny fandriana fampi-terahana tao no ela dia latsaka ny zaza. Dia niteraka soamantsara. Teo vao tadidin'ilay dokotera aho fa izaho ilay nandrasany tsy tonga hatrizay.

Niteny ahy ihany izy fa tsy dia tezitra araky ny niheverako azy. Ny ampitso tolak'andro, dia nampihaon'ilay dokotera tamin'ny mpiandraikitra amin'ny fikambanana miahay sy mikarakara ara-tsaina sy ara-tsosialy iray aho tao amin'io toeram-pitsaboana io ihany. Nanohina ny foko ny fandraisan'io ahy, ny teny fampaherezana nomeny izay tena sarobidy tamiko manoloana ny adim-piainana atrehako sy ny mbola misy izao fiainana miaraka amin'ny VIH izao, ka latsaka ny ranomasoko teo ampinesahana taminy. Izy koa dia namerina tamiko tamin'ny antsi-piriany tsara momba ny resaka sida, ny VIH, ny tsy maintsy hatao, ny voka-dratsiny raha manao antsirambina toromarika omen'ny mpitsabo. Ary tena nahery aho nony avy eo. Izay vao nanomboka niditra tsara tao an-tsaiko ny fiainako sy ny VIH/sida. Ary tapakevitra aho fa hanaraka tsara izay lazain'ny dokotera ahy. Nanome toky ahy izy fa hanampy ahy ny amin'ny firesahna amin'ny vadiko momba ny fizaham-pahasalamana tokony hataony koa, dia ny fitiliana. Raha araky ny fanazavana nomena ahy dia tsy tokony hampinono ny zaza aho satria anisan'ny fomba hifindran'ny VIH avy amin'ny reny mankany amin'ny zaza ny fampinonoana. Tsy manana fahefa-mividy ny ronono voavoatra (lait artificiel) anefa izahay mivady, ka dia ninono tamiko foana aloha ilay zaza mandra-pahita izay afaka manampy amin'izany hoy ny dokotera. Ilay "mpiandraikitra ny fikambanana" dia teny foana : tonga namangy aty an-trano, tsy nitsahatra nampahery, nikaroka izay mety hanampiana amin'ny fampinonoana ny zaza. Feno 10 andro teo ho eo dia nahazo fanampiana ronono voavoatra (lait artificiel) ihany izahay mianaka. Dia nilamina ny fampinonoana ny zaza teo.

Izaho moa, noho ny maha ambany ny fatran'ny hery fiarovana tato amiko tamin'izay, dia nanomboka nihinana ny ARV. Herinandro mahery kely nihinana izany fanafody izany anefa aho dia niseho tamin'ny vatako fa tsy zakako ilay fanafody "allergie". Niverina haigana tany amin'ny dokotera aho, dia nasainy najanona avy hatrany ilay fanafody. Na izany aza anefa dia nihombo ihany ilay tsy fahazakana ny fihinana ilay fanafody ka niafara tamin'ny fidirana ny hopitaly mihitsy. Andro vitsy nahatongavako teny amin'ny hopitaly anefa dia nanomboka tsy salama ny zaza. Nentina nojeren'ilay dokotera mpitsabo ahy, dia nozahany: natao ny "radio", "analyse", rehetra izay tokony natao, nisy ny fanafody nomena azy, naharitra roa herin'andro teo izay. Izaho mbola teny amin'ny hopitaly nandritra izany, efa nihatsara ny fahasalamako fa saingy ny nampalahelo ahy dia nondaosin'ny fahafatesana ilay zaza. Feno teo amin'ny iray volana mahery kely ny nahaterahany. Mafy tamiko izay fotoana izay, nangidy tokoa fa misaotra an'ny Tompo amin'ny zavatra rehetra. Nampahery tokoa ny fanampiana, ny fanotronan'ilay" mpiandraikitra ny fikambanana" tamin'ny fotoana rehetra, izay isaorako azy betsaka.

Nandritra ny fotoana naha teny amin'ny hopitaly ahy, dia nahavita fitiliana ny vadiko noho ny ezaka nataony ihany koa. Satria tamin'ny fotoana niresahako taminy ny tokony hanaovany fitiliana dia tsy nanaiky mihitsy izy. Na ny ho any amin'ny dokotera aza izy tsy mety mandeha. Taorian'io fitiliana nataony dia efa fantany ny toe-pahasalamany.

Marihiko fa nandritra izany fahasahiranana rehetra izany dia nanampy ahy teo foana ny fianakaviako, fa tsy nahalala mihitsy fa izaho dia olona mitondra sy miaina miaraka amin'ny VIH. Ary mbola tsy nosainiko aloha izay hanambaràko izany amin'izy ireo hatramin'izao. Mbola apetraka ho tsiambarantelonay mivady irery ihany.

Amin'izao fotoana izao dia manaraka tsara ny fizaham-pahasalamana izay tsy maintsy atao isaky ny 3 volana, ary mihinana ny fanafody ARV ara-potoana araka ny toromariky ny mpitsabo. Tsapako hoe mihamatanjaka aza aho sady salama tsara amin'izao. Ny hafatrafatra nomena ahy moa dia ny tsy hanaovana antsiram-bina ny fihinanana ny fanafody, sy ny fitandremam-pahasalamana rehetra, fa rehefa voahaja izay dia afaka miaina tsara toy ny olona rehetra ihany.”

5 - Tsy fanekena sy ny tsy finoana ny fisian'ny VIH dia anisan'ny mety ahamoizana ny zanaka iriana

“Vehivavy 29 taona, manambady, manan-janaka 2, vita fitiliana ny taona 2012”

“Tobim-pahasalamana iray mpanara-maso ny vehivavy bevohoka no nampanao fitiliana ahy teo amin'ny faha -05 volana ny kiboko. Ka ny valin'ny fitiliana tamin'izany no nanambaran'ny mpitsabo tamiko fa anisan'ny olona miaina sy mitondra ny tsimok'aretina VIH aho. Taitra sady gaga, ary tsy nanaiky mihitsy ny saiko fa misy izany aho. Ambava fotsiny ihany koa moa no nanambarana izany tamiko fa tsy nomena ahy tamin'io fotoana io ny valiny ara-taratasy (resultat officiel). Nony tonga tany an-trano aho dia nampitaiko tamin'ny vadiko izany vaovao ratsy izany, nangataka ilay taratasy misy ny valin'ilay fitiliana izy nefa tsy nomen'ilay mpitsabo ahy dia niteraka tsy finoana teo amin'ilay vadiko koa ny tsy fahitany ilay taratasy.

Nahatsapa tena izahay ho natanjaka sy salama, ka dia niray hevitra tanteraka ny tsy fanekenay roa ny fisian'izany. “Tsy misy izany sida izany!”

Noho izany dia tsy niverina intsony koa aho nanohy ny fisafoana tao amin'io toeram-pisafoana io na dia efa nisy aza ny fotoana nomena ahy ny amin'ny hitondrana ahy any amin'ny mpitsabo voahofana hikarakara ny olona izay miaina sy mitondra ny tsimok'aretina VIH. Naleoko niova toeram-pitsaboana hafa. Izay tsy mahalala izay valin'ny fitiliana VIH nataoko, ary tsy nivonona mihitsy aho ny hanambara izany. Dia tany indray aho no nanohy ny fisafoana, nisy ny fitiliana nasaina nataoko, farasisa, albumine, sns fa tsy mbola nisy resaka VIH.



Nandeha ny andro sy ny volana, 14 andro alohan'ny nahaterahako, izaho tonga teo amin'ny toeram-piasako no nisy olona iray nitady ahy. Rehefa nambarany ahy ny asany, "mpikambana amin'ny fikambanana iray izay miara-miasa akaiky amin'ireo toeram-pitiliana sy amin'ny mpitsabo voahofana manokana hitsabo sy handray an-tanana ireo olona miaina sy mitondra ny tsimok'aretina VIH", sy ny antony hitadiavany ahy, na dia somary taitra kely sady gaga ihany, dia tsapako fa zava-dehibe ho ahy ny anton-diany. Noho ny dinidinika sy ny fanazavana nomeny ahy, izay tena niompana betsaka tamin'ny ho avin'ny zaza tao an-kiboko, sy ny fahasalamanay mianaka, dia resy lahatra ihany aho ary dia nanaiky nanaraka izay toro-hevitra rehetra nomeny ahy. Noho ny fiezahany hanampy ahy satria araka ny filazany dia efa tara ny fotoana tokony ahazoako fitsaboana mifanaraka amin'ny teo-batako. Ka dia iny andro nihaonanay iny ihany aho dia nentiny nihaona tamin'ilay mpitsabo tokony hitsabo ahy, ka dia nahazo koa ny fanafody ARV. Ny nifaneraserako taminy, ny famangiana nataony ahy matetika dia tena nampahery ahy, ka tsy dia reko loatra ho vesatra tato an-tsaiko ny fahalalako fa miaina sy mitondra izany tsimok'aretina VIH izany aho.

Folo andro teo no nihinanako ilay fanafody dia nihetsi-jaza aho, izay daty voatondro hahaterahako. Teraka soa aman-tsara ny zaza, saingy nisy ny tsy fahasalamany vao teraka, herinandro taty aoriana dia maty ilay zaza. Araky ny fanambaran'ny mpitsabo dia nisy fihatraikany tamin'ny toe-pahasalaman'ilay zaza ny fahataran'ny fitsaboana, izay tokony efa natao mialoha nandritra ny fitondrana vohoka. Nalahelo aho ary tsapako fa noho ny tsy finoako, tsy fanekeko, fa miaina tokoa amin'ny VIH aho no nahatonga ny tsy fahasalamana teo amin'ilay zaza ka niafara tamin'ny fahafatesany. Araky ny filazan'ny mpitsabo mantsy fa ny fanarahana tsara ny fitsaboana ara-potoana dia miaro ny tsy hifindran'ilay tsimok'aretina VIH avy amin'ny reniny tsy hifindra amin'ny zaza.

Amin'izao fotoana izao aho dia efa manohy hatrany ny fitsaboana sahaza ahy, sy manaraka tsara ny toromariky ny mpitsabo ahy ka dia salama tsara, afaka miaina toy ny olona rehetra ihany. Tsy misy mahalala izany tsiambara-teloko izany afatsy ny vadiko, ny mpitsabo ahy ary ilay mpikambana amin'ny fikambanana ihany. Tsy manelingelina ny fifankatiavanay mivady izany toe-batako izany. Fa izaho dia manankina ny fiainako amin'Andriamanitra mandritra ny tombon'andro izay homeny ahy satria lzy ny manampy sy manasitrana rehefa tena miaraka Aminy.

Dia manentana antsika rehetra aho amin'ny maha renim-pianakaviana ahy, mba hanao fitiliana mialoha : ny tanora, indrindra isika reny mitondra vohoka, ho tombotsoan'ny zanatsika ao an-kibo, tena ilaina ny manao fitiliana ary dia mino izay valiny lazain'ny mpitsabo. Raiso ho lesona izay fahadisoan-kevitra tato amiko ka nozaraiko teto.

Mampahery antsika namana izay mitondra sy miaina amin'ny tsimok'aretina VIH ihany koa."

6 - Fanirina mafy ny ho renim-pianakaviana sy ny tsy fikajiana ny tsiambaratelo

“Vehivavy 32 taona, nanao fitiliana tamin’ny taona 2005”

“Teo amin’ny fotoana faha-29 herinandron’ny fotoana nitondrako vohoka aho no nasain’ny “gynéco” nanao ny fitiliana VIH/sida. Tsy maintsy nataoko izany noho ny faniriako ny hanan-janaka salama sy tomady satria tsapako fa isika reny no fototra iainan’ny zaza raha mbola ao am-bohoka izy. Indrisy anefa fa tamin’alahelo ny nandrenesako raha nandray ny valin’ny fitiliana aho, fa izaho dia anisan’ireo olona miaina sy mitondra ny tsimok’aretina VIH. Mafy tamiko ny nandraisako io valin’ny fitiliana nataoko io, ka nisy fiatraikany ratsy tamin’ny fahasalamako sy ny zaza tao ankiboko. Ka voatery aho naiditra hopitaly satria dia tafakatra 19 ny tosi-drà tamin’izany ary dia niafara tamin’ny fahafatesan’ily zaza tao am-bohoka. Vao maika niampy ny hakiviako, very hevitra tanteraka aho. Ekena fa teo ny tolo-tsaina sy ny fanazavan’ny mpitsabo fa tsy nampilamina ny saiko ireny, satria hatrizay ny hafatra heno sy hitako etsy sy eroa dia sida = Fahafatesana.

Nandritra ny fotoana nijanonako teny amin’ny hopitaly no nampahafantarin’ny mpitsabo tamiko ny fisian’ny Fikambanana miah’y sy manohana ara-tsaina, aratsosialy, ny olona miaina sy mitondra ny tsimok’aretina VIH. Dia nanaiky aho ny hihaona, ary dia tonga namangy ahy ny mpiandraikitra tao amin’ily fikambanana. Nampahery, nanampy sy nanoro hevitra tokoa izy ny mba hiheverako ny tenako fa afaka miaina tsara toy ny olona rehetra ihany aho. Dia nanomboka teo aho no nanamboatra ny saiko, ka nampahery ahy hiatrika ny fiainako sy ny hoaviko, indrindra indrindra manoloana ny faniriako ny hanan-janaka, mba ho Reny toy ireo renim-pianakaviana rehetra. Tamin’ny fotoana naha teny amin’ny hopitaly ahy, dia nisy mpiara-monina taminay niditra hopitaly tafaraka tamiko tao, rehefa tonga ny fotoana nivoahana ny hopitaly ka sendra tafahaona indray izahay taty an-tanàna dia tafaresaka. Ka teo no nandrenesako taminy fa hay nandritra ny fotoana naha teny amin’ny hopitaly ahy dia efa henony sy nataon’ny olona resaka aho fa olona voan’ny sida. Ireny mpamafa tranon’ny hopitaly ireny no nandrenesany izany. Nalahelo mafy aho sady menatra satria diso fanantenana tanteraka ny amin’izany fikajiana ny tsiambaratelo (secret professionnel) izany eny amin’ny toeram-pitsaboana, indrindra eo amin’ireo mpitsabo lehibe tompon’andraikitra izay nanankinana ny fitandroana izany.



Manambady aho, ary na dia teo aza ny fahatairana, ny fiasan-tsaina teny amboalohany ny amin'ny fandrenesana ny fisian'izany, tsy dia miteraka olana loatra eo amin'ny fiainako ara-pitiavako, na teo amin'ny tokatranonay ny fitondrako izany tsimok'aretina VIH izany. Izaho aza no nisy fotoana nahavita niteny taminy hoe: "Ndao hisaraka, sns ", fa izy no namaly ahy hoe : "Aretina toy ny aretina rehetra io fa tsy mampiova ny fitiavako anao". Herintaona taty aoriana, ny taona 2006, dia niteraka ny zanako voalohany aho, ary ny 2009 no niterahako ny zanako faharoa. Misaotra ny Tompo aho fa ireo zanako ireo dia salama tsara avokoa. Isaorako ihany koa ny vadiko, izay tena nanohana ahy, tamin'ny teny fampaherezana, ny fahatsapany mandrakariva ny amin'ny toe-batako, indrindra indrindra ny amin'ny fitiavana omeny ahy.

Ary satria aho salama tsara dia mba afaka miasa toy ny olona rehetra ihany koa. Miasa amin'ny toeram-piasana lehibe manana ny maha izy azy aho, ka ny lehibe sy ny mpiara-miasa rehetra amiko dia mahafantatra tsara fa olona miaina sy mitondra ny tsimok'aretina VIH aho. Mandray ahy tsara ry zareo ary tsy misy olana ny fifandraisanay ao amin'ny toeram-piasana, toy ny mpiara-miasa rehetra.

Ankehitriny dia anisan'ireo mpandray anjara mavitrika amin'ny ady amin'ny fiparitahan'ny tsimok'aretina VIH/sida izahay mivady, manampy ireo olona mitondra sy miaina amin'ny tsimok'aretina hafa ny amin'izay tokony hatao: fahazahoana fitsaboana, fampaherezana, mba ahafahany miaina toy ny olona rehetra ihany. Ny hany mba hafatro, dia manasa antsika rehetra hanao fitiliana mialoha, indrindra isika renim-pianakaviana mitondra vohoka. Ilaina ny mitandrina manoloana ny fitondra-tenan'ny tsirairay. Ary aoka isika rehetra mba tsy hanilikilika na hanavakavaka ireo olona fantatsika fa miaina sy mitondra ny tsimok'aretina VIH."

7- Firaisana ara-nofy tsy voaro sy ny VIH

"Lehilahy 27 taona, nanao fitiliana tamin'ny volana jona 2009"

"Ny fandrenesako ny valin'ny fitiliana natao tamin'ny rako, teo amin'ny faha 24 taonako, dia tena nahatohina ny foko. Izaho dia mbola tsy nandalo fandidiana, na nampiasa ny tsindrona drogue. Fa ny tsapako dia nisy ny firaisana ara-nofy nataoko tamin'ny olona iray, andro sy volana vitsivitsy talohan'io fotoana nanaovako fitiliana io dia niaraka izahay. Tsy nisy ny fampiasana kapaoty nandritra ny firaisana ara-nofy nataonay.

Efa nisy ny fotoana nahitako sy nahenoko teny rehetra teny, tamin'ny haino aman-jery, peta-drindrina samihafa, ny fisian'izany aretina sida izany, ka nahalalako fa mifindra amin'ny alalan'ny firaisana ara-nofy ny tsimok'aretina VIH, izay mahatonga ny aretina sida. Io olona niarahako io no nahafantarako voalohany izany firaisana ara-nofy amin'ny samy lehilahy izany.

Amin'ny maha tanora ahy dia tsapako fa tena tafiditra tanteraka tao amin'ny firehetana amin'ny fanaovana firaisana ara-nofa aho, ka tsy nahatandrina intsony izay azo atao sy ny tsy tokony atao, na izay olona tokony iarahana na tsia. Hany ka tsy nihevitra mihitsy izay hifindran'ny aretina ratsy vokatr'izany. Nandritra ny fotoana nifaneraserana sy nifandraisako tamin'io olona niarahako io dia nahita azy nihinana fanafody foana aho, dia lasa ny saiko ary dia nanontany azy aho nony farany : "Fa fanafody inona foana ity ohaninao foana ity?"; dia namaly ahy izy hoe : " Vitamine C ity", satria hono izy milaza fa reraka be foana. Dia nandeha ny fisainako ka lasa aho nandeha nanatona Dokotera dia nanao fitiliana. Rehefa nivaly anefa ny valin'ny fitiliana natao dia hita fa anisan'ireo olona mitondra ny tsimok'aretina VIH aho. Taitra aho ary nalahelo mafy. Tsy niandry ela aho fa tonga dia tsy niasalasa nanantona ilay olona miaraka amiko, ary nasehoko azy ny valin'ny fitiliana nataoko. Dia hoy izy namaly ahy : "Tsy maninona izany fa iainan'ny rehetra". Izy ihany avy eo no nanoro hevitra ahy ny amin'ny fomba hahazahoako ny fitsaboana sahaza ahy. Andro vitsivitsy taty aoriana dia nahazo ny fitsaboana sahaza ahy tokoa aho, dia nomen'ny mpitsabo ilay fanafody ARV.

Teo aho vao gaga sady talanjona, tsaroako fa mitovy tanteraka amin'ilay fanafody nohanin'ilay olona miaraka amiko ny fanafody nomen'ilay dokotera ahy. Nahampahafantariko azy ny fitovian'ny fanafody ohaninay, ary resy lahatra tanteraka aho fa izy no namindra tamiko io tsimok'aretina VIH io. Ary notsoriko taminy izany, nefa mbola tsy nanaiky izy teo anatrehako fa olona mitondra ny tsimok'aretina koa izy. Ary nampatahotra ahy aza izy hoe : "Izaho aza henjikenjehanao amin'izany !". Kanefa taty aoriana dia nifanojo tao amin'ny fikambanana iray izahay, izay fikambanana miahy sy mikarakara ny olona miaina sy mitondra ny tsimok'aretina VIH. Dia mbola namerina niteny ahy ihany izy hoe : "Tsy misy olona tsy ho faty raha tsy amin'ny androny". Nitomany mihitsy aho niteny taminy hoe : "mampalahelo ahy ny zavatra vitanao tamiko". Ary dia mbola nangataka ny hanao firaisana tamiko aza izy tamin'io fotoana niresahanay io fa tsy namaly azy mihitsy aho. Nanomboka teo dia tsy te hieritreritra izay fiainam-pitiavana intsony aho, tsy tao anatiko intsony ny faniriana te hanao firaisana ara-nofa izany. Nanenina mafy aho tamin'ny fitondra-tenako tsy nety. Noho ny fanarahako tsara ny toromariky ny dokotera manara-maso ny fahasalamako, ny fanajako tsara ihany koa ny fandraisana ara-potoana ny fanafody izay nomena ahy dia salama tsara aho izao ary miaina toy ny olona rehetra, na dia teo ny alahelo.

Ny hany mba hafatro indrindra ho antsika tanora, ny tena tsara indrindra dia ny tsy mitondra izany tsimok'aretina izany, lavitry ny aretina azo avy amin'ny firaisana aranofo rehetra. Raiso ho lesona izao toerana misy ahy izao. Fantaro ny zavatra rehetra, ary fidio tsara ny namana. Tsy hita soritra ety amin'ny endrika ivelany tokoa ny olona mitondra ny tsimok'aretina VIH, ka mety hamitaka. Amin'ny alalan'ny fitiliana ny ra ihany no ahafantarana ny toe-pahasalaman'ny olona miaraka aminao. Manaova fitiliana mba ahalalanao ny toe-pahasalamanao mialoha sy mba hiarovanao ny tenanao sy ny hafa."

8 - VIH sy ny fiovam-pitondratena

“Lehilahy 27 taona, nanao fitiliana tamin’ny volana jona 2009”

“Teo amin’ny fiainako, hatramin’izay dia toa tsy mba nanana fotoana loatra aho ny nisainana akory ny momba izany sida izany. Fa indray andro, raha sendra nisy ny fotoana nahalany visite ny permis-ko dia nanao fizaham-pahasalamana tao amin’ny BMH aho. Teo ampahatongavana aho vao gaga fa hadinoko ny sary izay tena ilaina, ka voatery aho niverina nody. Ka ny ampitso indray aho vao niverina. Tamin’io fotoana io koa anefa dia sendra nisy fanentanana ny amin’ny tokony hanaovana fitiliana ny VIH/sida teo amin’io toeram-pitsaboana io, dia mba nihaino sy namantatra tsara izany VIH/sida izany aho. Efa reko ihany fa misy ny sida ary anisan’ny fomba hifindrany dia amin’ny alalan’ ny firaisana ara-nofy tsy voaaro, fa tsy dia nosainiko loatra teo amin’ny fiainako. Ary teo ihany dia tapa-kevitra mba hanao fitiliana. Tamin’izay fotoana izay dia niandry herin’andro maromaro aho vao nahazo ny valin’lay fitiliana. Izay tsy fantatro hoe inona no antony. Niasa ny saiko, nefa ilay fanentanana norenesiko no noezahiko nosainina foana, na inona na inona izay ho valiny ho avy eo. Tonga ny fotoana nanambarana ahy ny valiny dia teo nolazaina tamiko fa : “séropositif ianao”. Noho ny fanomanan-tsaina izay nataoko dia tony dia tony aho teo ampandraisana izany. Ny anisan’ny fanontaniana tao an-tsaino voalohany dia ny hoe : “Inona no hataoko mba hitarihako ireo olona izay niaraka tamiko mba hanao fitiliana?”, izay tsy nionona tamin’ny iray aho tamin’izany fotoana izany. Nametraka fanamby tamin’ny tenako aho fa tsy maintsy ataoko izay hisarihako azy ireo hanao fitiliana ihany koa. Tsy niandry ela aho fa tamin’ny andro iny ihany dia noho ny nihaonako tamin’ny mpitarika fikambanana izay miahny sy mikarakara ny olona miaina sy mitondra ny tsimok’aretina VIH, ka nahazo ny fandraisana an-tanana ara-moraly sy ny aram-pitsaboana.

Taty aoriana rehefa vita ny fitiliana ny toe-pahasalamako amin’ny ankapobeny dia nomeny ahy ny fanafody ahafanga ahy ho salama tsara. Noezahiko arahina tsara an-tsakany sy an-davany ny toromariky ny mpitsabo. Tamin’izay dia somary nisy ihany ny fivezivezena, ka lasa ny saiko hoe : “Raha mampivezezy ahy toy izao ny fiainako miaraka amin’ity VIH ity : fakana fanafody, fanaovana bilan, sns”. Hany ka nanana fanampahan-kevitra tampotampoka aho ny hijanona amin’ny asako satria mety tsy hanaiky ny fanapahako matetika ny mpampiasa ahy. Taty aoriana aho vao nahatsapa fa ny fahaizamandamina tokoa no enti-miady dia niverina indray aho nitady asa ary dia voaray soama-tsara indray.

Nandroso teny ny ora sy ny fotoana, ka hitako ny hevitra. tamin’ny fotoana nifaneraserako tamin’ireo olona izay niaraka tamiko, dia noezahiko nampidirina amin’izay resaka ifanaovanay foana ny resaka sida sy ny tontolo manodidina momba izany. Sendra nahita peta-drindrana, na nisy fanentanana koa aza teny rehetra teny dia efa mba nanararaotra koa aho nanisy fanazavana sy nanao izay handraisany anjara ao anatin’ny tafatafa ifanaovanay. Dia somary gaga ihany ny iray tamin’izy ireo ka niteny tamiko hoe : “Ary ianao izany tena mahay tsara ny momba ny VIH/sida!”. Dia novaliako hoe : “Izaho koa ange mpanentana momba io e!”. Nony hitako fa tafiditra tsara tao amin’lay resadresakay momba ny VIH/sida ry zareo dia mora tamiko koa ny nanambara tamin’izy ireo fa izaho dia anisan’ireo olona miaina sy mitondra ny tsimok’aretina VIH.

Tsy dia taitra loatra intsony ry zareo satria efa nohezahiko ny hahafeno ny fanazavana nomeko azy mombamomba izany olona mitondra sy miaina amin'ny tsimok'aretina izany. Vao maika aza nitombo ny fifankatiavanay, indrindra ilay tovovavy izay efa niaraka tamiko ela hatrizay. Ela ny ela, afaka iray volana monja taty aoriana dia voasariko nanao fitiliana avokoa izy rehetra. Ka ny iray tamin'izay ireo ihany no hita fa séropositif. Somary taitra sady sorena izy tamin'ny fotoana nihaonanay taorian'ny naharaisany ny valin'ny fitiliana nataony. Fa nandalo ihany izany. Nandritra izay fotoana izay, dia tsapako fa nisy ny tsy fitandremana teo amiko. Amin'ny maha tanora dia tsy nahatohitra ny fankam-panahy teo amin'ny firaisana ara-nofy, tsy nisy ny fampiasana fiarovana nefa tsy nihonona tamin'ny iray. Tamin'izany fotoana izany no nisy tovovavy iray izay efa niaraka tamiko nandritra ny 9 taona, nifanaja tokoa izahay nandritra izany fiarahanay izany ny amin'ny fahadiavana, ny tsy fanaovana firaisana ara-nofy mihitsy, tiako izy dia niezaka tokoa aho tsy nanao firaisana ara-nofy tamin'ny. Saingy taty ambadika no nahasolafaka ahy, nanao firaisana ara-nofy tamin'ny olona iray hafa, izay tontolo hafa tsy momba nataoko, dia ny firaisana amin'ny samy lehilahy. Lasan'ny saiko, ary nandini-tena aho amin'izao toe-batako izao dia nanapa-kevitra aho, hanova fitondra-tena tanteraka. Na dia mbola tratran'ny fankam-panahy nanao firaisana ara-nofy tamin'ny ilay olona iray taty aoriana aza aho, andro vitsivitsy taoriana nahalalako ny résultat-ko. Dia nanapa-kevitra fa hijanona tsy hiaraka amin'izao n'iza intsony afa-tsy ilay tovovavy tiako niarahako hatrizay. Ary efa misy ny tanjonay ny hivady ato ho ato. . .

Niezaka ihany koa aho ny hifampizara izany tamin'ireo mpiray tampo amiko sy ny manodidina ahy ka herintaona taty aoriana, izany hoe ny taona 2007, dia tapa-kevitra ny hilaza ny momba ahy tamin'ny zokiko vavy izay mba tena akaiky ahy. Tsy nisy ny olana fa vao maika nanampy ahy aza ny zokiko vavy sy ilay olon-tiako. Ny somary nahasadaikatra ahy kely fotsiny ny fampihantana toa tafa-hoatra ataon'ny zokiko ahy, ny fahiana loatra ny izay mety hanjo ahy, toa tandritandreman'ny be aho tsy moa va toy ny mitaiza zaza kely ireny, toy ny hoe : “ inona no tianao?, tandremo itsy tandremo zaroa ! sns”. Hery lehibe ho ahy ny fanohanan'ny zokiko vavy ahy sy ny fofom-badiko. Eo ihany koa ny fihaonana amin'ireo namana ao anaty fikambanana izay miahy sy mandray an-tanana ny olon mitondra sy miaina amin'ny tsimok'aretina VIH.”

9 - Raim-pianakaviana vonona ny hiantoka ny hoavin'ny ankohonany

“Lehilahy 44 taona, manambady ary manan-janaka 4, vita fitiliana tamin'ny taona 2007”

“Noho ny fandresehan-dahatra tato anatiko, rehefa avy nihaino fanentanana momba ny VIH /sida, no nahatonga ahy nanao ny fitiliana .Tena kivy be aho raha vao naharay ny valin'ny fitiliana nataoko fa anisan'ireo olona miaina sy mitondra ny tsimok'aretina VIH. Fotoana fohy taty aoriana anefa dia nisy ny fihaonako tamin'ireo fikambanana miahy sy mandray an-tanana ara-moraly sy sôsialy.

Rehefa nahazo ny fampaherezana sy nitombo fahalalana ny amin'ny izany atao hoe tsimok'aretina VIH sy ny aretina sida aho, dia tsapako ho nanana herin-tsaina ary tsy kivy intsony fa hay afaka miaina toy ny olona rehetra ihany. Vonona aho hatrika ny hoaviko, hijoro ho andry iankinan'ny ankohonako tokoa. Efa anisan'ireo mihinana ny fanafody ARV aho ka mahatsapa ho salama tsara.

Ankehitriny dia milamina ny saiko ka mihezaka hatrany aho hanaraka izay toromarika ara-pahasalamana rehetra omen'ny mpitsabo ahy. Manaiky aho fa misy ny fahasamihafana eo amin'ny toe-batako mitaha amin'ireo izay tsy mitondra ny tsimok'aretina VIH, fa tsapako kosa fa feno ny zo ananako amin'ny maha olombelona ahy toy ny olona rehetra. Ka na ireo zanako aza, dia manan-jo toy ireo manana Ray hiahy azy.

Izaho sy ny vadiko ihany hatramin'izao no mahalala izany toe-batako izany, miampy ireo mpikambana ao amin'ny fikambanana izay misy ahy. Izay isaorako tokoa fa tena mampahery sy manohana ahy, indrindra fa ny mpitsabo ahy. Tsy misy olona loatra amin'ny fifankatiavanay mivady izany toe-batako izany, saingy ny mahavariana ahy sady indraindray miteraka olana kely dia ilay vadiko lasa saro-piaro loatra amiko. Amin'izao fotoana izao dia anisan'ny mpandray anjara mavitrika amin'ny ady amin'ny fihanaky ny tsimok'aretina VIH/sida izahay mivady."

10 - VIH sy ny tontolon'ny asa

"Lehilahy 36 taona, vita fitiliana teo amin'ny faha 25 taonany"

Feno 36 taona aho ankehitriny, ary 25 taona aho tamin'ny fotoana nanaovako fitiliana ka nahafantarako fa mitondra ny tsimok'aretina VIH ny tenako. Monina eto Antananarivo ary azoko lazaina amim-panentren-tena fa manana anton'asa mahavelona aho. Tsy mbola nanambady mihitsy aho, fa tamin'izany fotoana izany dia nanana olon-tiana aho. Rava ny fiarahanay noho io valin'ny fitiliana io, satria tsy nahatoky ahy intsony izy. Niteraka lahikely iray izahay tamin'ny taona 2001, ary taona nidiran-janakay tany an-tsekoly indrindra io taona nanaovako fitiliana io. Taona tena mafy tamiko tokoa ny taona 2005, satria voatery nijanona tsy niasa mihitsy aho noho ny adin-tsaina be loatra.

Tsy dia nisy antony nanaovako fitiliana fa resy lahatra fotsiny aho tamin'ny fanentanana azoko tany amin'ny toeram-piasako. Maromaro rahateo izahay no niarananao ka tsy dia nananosarotra ny fanatanterahana izany. Betsaka ny toro-hevitra azonay tamin'ny tompon'andraikitry ny fahasalamana, anisan'izany ny tsy maintsy hiatrehana ny valin'ny fitiliana na mitondra ny tsimok'aretina na tsia. Izaho irery no naningana tamin'ny mpiara-miasa rehetra, ka tena tamim-pahatairana tokoa no nandraisako ny valiny. Tsy niandry ela aho fa nanadihady izay tokony hataoko.

Nanantona ireny fikambanana mpandray an-tanana ny olona mitondra ny tsimok'aretina VIH ireny aho, na ny marimarina kokoa, izy ireo no nanantona ahy. Nahafa-po ny fandraisana, hany ka lasa mpirotsaka an-tsehatra mafana fo amin'ny ady atao amin'ny sida koa taty aoriana. Nanantona ny olona hanao fitiliana sy miaro ny zon'ny olona mitondra ny tsimok'aretina no tena sehatr'asa nosahaninay tamin'izany.

Ankehitriny dia efa mihinana fanafody aho, efa ho 6 taona izao, izany hoe herintaona taorian'ny nanaovako fitiliana. Tsapako ireo tombontsoa tsy tambo isaina azoko vokatry ny fanarahana ny fitsaboana antsakany sy andavany izay tsy maintsy tanterahina mba hampahomby ny fandraisana an-tanana. Raha nanao tsirambina ny fihinanako fanafody tokoa aho dia efa ela no tsy afaka nanoratra ny tantarako toy izao. Mitraka aho manoloana ny fitondrako ny VIH noho ny fanaraha-maso ny fahasalamana izay tsy maintsy atao isaky ny 3 volana. Tsy dia misy zavatra niova loatra rahateo ny toe-piainako, ankoatry ny tsy maintsy hampiasako fimailo rehefa manao firaisana ara-nofy mba hiarovako ny olon-tiako.

Efa manomboka miverina amin'ny laoniny rahateo ny fiainam-pitiavako, satria nifanena tamin'ny tovovavy mety amiko aho, ary tsy nataony sakana ny fitondrako ny tsimok'aretina VIH. Mikasa ny hanorina tokatrano izahay, ary valim-bavaka no andraisako izany fikasana tsara izany raha tanteraka. Olona sedrain'ny ankamaroan'ny olona mitondra ny tsimok'aretina VIH ny tsy fanekena ny valin'ny fitiliana. Ilaina nefa ny fanekena an'izany mba hahazoana ny tohana ara-tsaina ary indrindra indrindra ny amin'ny lafiny ara-pahasalamana ara-batana izay tsy ho tafita mihitsy raha tsy mahazo fanafody.

Raha izany dia manentana ny Malagasy rehetra izay nahazo valim-pitiliana ka mitondra ny tsimok'aretina VIH mba tsy handrora mitsilany, fa hiatrika kosa ny zavamisy. Fa ankoatr'izay, tokony hiaro tena hatrany izy ireo amin'ny fanaovana firaisana ara-nofy satria mampidoza ny olona mitondra ny tsimok'aretina VIH ny fahazoana aretina azo amin'ny firaisana ara-nofy hafa indray (angatra, farasisa...). Fa indrindra indrindra, tsy tokony hanaparitaka intsony ny VIH izy ireo satria mavesatra loatra ny asanay miandraikitra ny ady atao amin'izy io. Adidin'izy ireo manoloana ny fiarahamonina izany, ary tombotsoany rahateo. Mety hibaby trosa koa ny taranatsika Malagasy any aoriana noho ny fidangan'ny fanaraha-maso izay atao, ka aleo misoroka dieny izao mbola tsy dia hita soritra mivantana izao ny fihanaky ny tsimok'aretina.

Eto am-pamaranana dia tsotra ny hafatro : Tsy misy tonga lafatra ny olombelona ka tokony halavirintsika ny toe-tsaina manavakavaka sy ny manao tsindrio fa lavo. Misy rahateo ny vahaolana toy izay narahiko, ka inona ary moa no tombotsoa amin'izany? Isika Malagasy rahateo mitonon-tena ho Kristianina ny ankabeazany, ka ataoko fa fihatsaram-belatsihy eo imason'Andriamanitra ny fanaovana anjorom-bala ny vitsy an'isa, izay efa miezaka miala amin'izay nahalavo azy”.